# Jesoa Velona Ao Amin'i Maria

N° 41, septambra 2021

Bulletin Mensuel de Formation et d'Information - Association Marie Reine des Coeurs



# «Misaotra Olivier!»



**Filazàna manjo**




# «Misaotra Olivier!»

*Ireo teny ireo no nolazain'i Mompera Robert Chapotte, Vikera Provinsialin'ny Frantsa, tamim-peo mafy, tamin'ny famaranana ny toriteny fohy nataony nandritra ny lamesa fanaovam-beloma farany an'I Mompera Olivier Maire, ny Zoma 13 Aogositra 2021.*



*Mompera Olivier MAIRE (61 taona, 35 taona naha-relijiozy), nisy namono ny alatsinainy 9 aogositra 2021. Niely be tamin'ny tambazotra sosialy maro ny vaovao mikasika ity vaovao ity, ity biletà ity dia tsy mahatsapa velively ny tokony hampidirana ato an'ireo singa samihafa mifandraika amin'ity famonoana ity.*

*Ampy ny manamarika fa ny Zoma 13 aogositra 2021, nandritra ny lamesa tamin'ny fotoam-pandevenana azy, dia voalaza fa ny Eglizy rehetra tao amin'ny departemantan'ny Vendée dia nampaneno lakolosim-paty avokoa tamin'ny mitataovovonana. Tamin'ny 2ora sasany tolakandro ny tena Lamesa fanaovam-beloma azy farany, izay natao tao amin'ny Bazilikan'i Masindahy Louis-Marie Grignion de Montfort tao Saint Laurent-sur-Sèvre, nandritra ny « fankalazana miavaka » izay notarihan'i Mgr Eric de Moulins-Beaufort, filohan'ny Kaonferansy episkopalin'ny Frantsa. Ny Lamesa dia nandeha mivantana tamin'ny KTO (Fahitalavitra Katolika ao Frantsa) izay narahin'ny Minisitry ny Fitsarana Frantsay, Eric Dupont-Moretti, tsy hadinoina koa ireo Eveka, Pretra sy ny Fianakaviambe Montfortana ary ireo manam-pahefana voafidy teo an-toerana sy sivily maro.*

***<u>Tsara ny manamarika fa ny 9 aogositra, andro nahafaty an'i Olivier dia misionera montfortana miisa telo no nandia ny tanin'ny meksikanina, hanomboka ao amin'ny diosezin'i Ecatepec, ao Mexique, ny fisian'ny misionera avy amin'ny fikambanana naorin'i Masindahy Louis-Marie de Montfort.</u>***

***<u>Tetsy ankilany ny fahafatesana, ny fisian'ireo misionera vaovao tetsy andaniny. Mitohy ny misiona! Misionera hatrany i Mompera Olivier, mazava ho azy fa amin'ny endriny hafa izay tsy mitovy amin'ny nataony fony izy nanao fivahinianana tety an-tany. Ny zotom-pony, araka ny fomban'i Montfort, dia azo atao amin'ny fomba iray hafa na amin'ny endriny hafa ho tafiditra ao amin'ity asa misionera any Mexique ity.</u>***

*Ity ambany ity no ahafahanareo mamaky ny tantaram-piainan'i Mompera Olivier sy ny fijoroana vavolombelona manokana nataon'i Frera Daniel Busnel. Ity Frera ity izay mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Provinsialin'ny Frantsa, tsy vitan'ny hoe mpiara-miasa tamin'i Olivier amin'ny fanetsiketsehana ny vondrona misionera Montfortana Frantsay izy, fa nahafantatra azy manokana koa izy hatramin'ny niarahan'izy ireo nonina tany amin'ny vondrom-pirahamonina samihafa. Ity lahatsoratra ity izay novakian'i Daniel nandritra ny lamesa fanaovam-beloma an'i Olivier dia azon'ny rehetra vakiana ankehitriny.*


# «Eo amin'ny latabatra, malahelo ny vazivazy fanaonao aho sy ny vondrom-piarahamonina manontolo»

**Daniel BUSNEL SMM, avy any Frantsa**




Mpianatr'i Père de Montfort i Mompera Olivier, nanovo tamin'ny mpanorina ny fikambanantsika ny hakingana amin'ny fanaovana asa fiantrana ho tarigetram-piainany. Ny fifandanjana amin'ny maha-olona azy dia ananany amin'ny ray aman-dreniny izany: Gabriel dadany dia mpiasa amin'ny fanamboarana famantaranandro ary ny reniny Claudine kosa dia mpikarakara tokantrano.
Teraka ny 19-11-1960 tao Besançon (Doubs) ary vita batemy tao Villers le Lac (Doubs), nanana fahafahana nampitombo fahalalana ara-tsaina sy ara-java-kanto maro i Olivier.

Tao amin'ny Sekoly Notre Dame de Grâce no nanombohany ny fianarany amin'ny ambaratonga voalohany sy tao Pelousey (Doubs) tamin'ny taona 1971 hatramin'ny 1975.



Ny ambaratonga faharoa dia nizotra tao amin'ny Sekoly Saint Jean tao Besançon (Doubs) ny taona 1975 hatramin'ny 1978. Tonga avy eo ny fotoana fianarana amin'ny sekoly ambony tao amin'ny sampam-pianarana Siansa tao Besançon ny taona 1979 hatramin'ny 1982.

Ny làlam-panofanana ara-tsaina rehetra nataony dia nankatoavina tamin'ny fahazoany diplaoma samihafa:
1978 : BAC série D
1982 : Licence en sciences naturelles –
1989 : Licence de Théologie tao amin'ny Centre Sèvres.
29 juin 1992 : nahazo ny diplaoma « maitrise canonique de 2ème cycle en théologie », nandalinany manokana ny lafiny ara-panahy (mention bien) tao amin'ny Centre Sèvres.

**«Mpianatr'i Père de Montfort i Mompera Olivier, nanovo tamin'ny mpanorina ny fikambanantsika ny hakingana amin'ny fanaovana asa fiantrana ho tarigetram-piainany»**

Tamin'ny Oktobra 1992, nalefa tany amin'ny Oniversite-n'ny Grégorienne ao Roma izy ary ny 15 septambra 1995, nahazo ny Licence en psychologie.
Ity làlam-piofanana ara-tsaina ity dia niaraka amin'ny fotoam-pandinihana.
1978-1979 : fotoam-piofanana voalohany natolotry ny Montfortana azy miaraka amin'ny fanohanan'ny Foyer de Charité de Tressaint (22).





**Tranga samihafa no hameno ity fotoam-pandinihana ity :**

1979-1982 : Mpitaiza ara-panahy ny mpianatra amin'ny anjerimanontolo, miaraka amin'ny Katesizy tao amin'ny Kolejy anankiray sy tao amin'ny Paroasy St Pie X tao Besançon.
1982-1984 : Mpanentana amin'ny tontolo ambanivohitra
- 1984 : Niandraikitra ny fiaraha-miasa tany Bonneau ao Haïti.

Ny 17 jiona hatramin'ny 18 aogositra 1988 : Nijanona tany Etazonia mba hianatra ny teny Anglisy. Amin'izany rehetra izany dia sady manohy ny fianarany Teolojia tao Paris izy (tao amin'ny Zezoita), nipetraka tao amin'ny tranon'ny mpianatra ao amin'ny Misiona Afrikanina any Lyon izy miaraka amin'ny fanarahan-dia azo antoka nomen'ny vondrom-piarahamoninay Montfortana amin'ny fahaizana mandinika, naorina tao amin'ny Tombe Issoire (14ème).

Nanonona ny voadiny voalohany tao Calvaire de Pontchâteau izy ny 7 Septambra 1986 ary ny voadiny mandrakizay dia tao amin'ny Notre Dame du Chêne (Doubs) ny 9 Septambra 1989.
Naroso amin'ny laharana maha-diakra izy ny 30 Septambra 1989 tao Déols tamin'ny alalan'i Mgr Plateau ary ny 17 Jiona 1992 no nohamasinin'i Mgr Gayot, Evekan'i Cap Haïtien ho Pretra tao amin'ny Bazilikan'i St Laurent ihany.




## Ny toerana nanompoany:

Vantany vao avy nohamasinina ho Pretra izy dia nanohy ny fandalinana ny Teolojia tao Centre Sèvres, faran'ny taona 1988.

Ny 17 Jiona hatramin'ny 18 Aogositra 1992, nandray anjara tamin'ny Seminera iraisam-pirenena Montfortana: SIM tao St Laurent.

Tamin'ny 1996, tonga Mpampiofana sy Maître des Novices tany Ouganda izy.

Ny 2 septembre 2002, ity no fiverenany tany Frantsa.

Ny 31 oktobra 2002, nipetraka tao amin'ny Foyer Montfortain tao Calvaire de Pontchâteau izy.

Tamin'ny Janoary 2004, nanatevin-daharana ny vondrom-piarahamonina Montfortana an'ny Tombe Issoire tao Paris XIV izy.

Ny 16 mey 2005, voatendry ho assistant Général-ny Fikambanana tao Roma izy.

Tamin'ny 2011, tonga Provinsialin'ny Frantsa izy izay narahan'ny fe-potoana fahalaniana fanindroany tamin'ny taona 2017.

Tokony hampiana fa izy no niandraikitra ny laretirety sy ny kaonferansy mikasika ny fiainam-panahy montfortana manerana an'izao tontolo izao. Nanoratra boky mitondra ny lohateny hoe: "Grignon de Montfort, ny fandehandehanan'ny mpivahiny" fiaraha-miasa niaraka tamin'ny Chaboterie du Conseil Général an'ny Vendée.

Ho ahy manokana, azoko lazaina hoe : ianao Olivier dia olona tsotra foana, mora ifandraisana, tsy mba be tabataba nefa mandroso foana. Tamin'izay rehetra nandalovanao, eny fa na fotoana fohy aza, nanamarika olona ianao. Tamin'ireny laretirety sy kaonferansy ireny, tsy nampiasa « voambolana sarotra ianao » fa teny tsotra mora azon'ny rehetra. Maneho izany ny fijoroana vavolombelona rehetra.




Fantatrao, Olivier, malahelo anao aho satria niaraka taminao aho tamin'ny fandehanana nankany Amerika Atsimo izay nitsidihantsika ny ekipa misionera, izaho no mpandika ny teninao ary raha misy ny resaka iarahana amin'olona, hainao ny mamerina moramora ny fanazavana amin'ny antsipirihany ny zavatra rehetra hadinoko na tsy voazavako tsara.

Eo amin'ny latabatra, malahelo ny vazivazy fanaonao aho sy ny vondrom-piarahamonina manontolo.

Kanefa tsy maintsy miroso hatrany isika tsy anaty hakiviana, nefa fantatrao ary voalazako matetika fa, tsy afaka handoa ohatrinona ho anao izahay ary tsy afaka hanao na inona na inona ao an-tranon'ny Ray. Miantehitra aminao izahay fa homenao anay ny hery hanohizanay izay efa natombokao. Ary ankehitriny dia manomboka ny Misiona Montfortana any Mexique. Manana anjara asa be ianao amin'io takelaka io.

Nanan-janaka lahy toy izany i Gabriel sy Claudine, Jérôme sy Stéphane afaka mirehareha amin'ny anadahinareo ianareo. Handray anao anie ny Tompo ary tahio izahay :

**ho an'i Jesoa manontolo ny zavatra rehetra amin'ny alalan'i Maria**. ■

*«Manana anjara asa be ianao amin'io takelaka io»*

# «Ndeha isika hiampita eny amin'ny ony hafa»

**Toriteny nataon'i Mompera Robert CHAPOTTE, vice provincial des Missionnaires Montfortains**




« amin'izany andro izany, rehefa hariva ny andro dia niteny tamin'ny mpianany i Jesoa nanao hoe : ndeha isika hiampita eny an-dafin'ny ony». Nanasa ireo mpianany ho amin'ny Paka vaovao i Jesoa. Ny fiampitana eny amin'ny ony hafa dia fandehanana mankany amin'ny tsy fantatra...Piera, ilay mpanarato be traikefa, dia efa mandre zavatra betsaka mikasika ity ony hafa ity...Miaraka amin'ireo mpanompo sampy sy ireo fanahy maloto ireo ! Kanefa nanana fahatokisana izy : niainga izy narahin'ny sambo maro hafa.....
Ho azy, ity andro ity dia tsy hitovy amin'ireo hafa. Tsy fantatra hoe nahoana, nisy tafio-drivotra mahery vaika izay mbola tsy fahita. Nandresy azy ny tahotra, dia izy sy ny namany...




Ary namoha an'i Jesoa izay natory izy sady niantsoantso hoe : « maty isika ! tsy mampaninona anao ve izany? Nifoha I Jesoa ary niteny azy taorian'ny nampitoniany ny tafio-drivotra: "Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy manam-pinoana va ianareo?"

Ndeha hiampita eny amin'ny ony hafa? Hiaina tafio-drivotra? Fantatr'I Olivier izany. Niresaka momba izany izy. Niaiky ny fahatahorany tany amin'ireny ony hafa maro ireny izy fa ny fiainany amin'ny maha-misionera azy dia nanome azy fotoana hahitany izany tany Ouganda, tany Afrika, tany Haïti manokana, ary teto Saint Laurent sur Sèvre tamin'ity Alatsinainy 9 Aogositra ity.


Ony hafa ho azy ny androany, fahitana zava-baovao ho an'ny Fahendren'Andriamanitra nasehon'i Jesoa avy any Nazareta, dia ny fiadanana, ny fanantenana ary ny fiantrana izany. Ity Fahendrena ity, ho azy dia hitany fa toa an'i Père de Montfort, tiany indrindra ny hanokana ny fiainany ho amin'izany sy hampita izany amin'ny hafa.

**Misaotra Olivier. ■**

*"Nahoana no saro-tahotra ianareo? Tsy manam-pinoana va ianareo?"*

## Obsèques

# «Nampianatra zavatra betsaka momba an'i Montfort sy ny fitiavany ny mahantra izy...»




**Frera Jean-Paul MBENGUE, Mpanampy Jeneralin'ny Rahalahin'i Saint Gabriel**

*Nanome fijroroana vavolombelona tena mampihetsi-po i Mompera Luiz Augusto Stefani, Supérieur Général, teny am-piandohan'ny Lamesa fanaovam-beloma an'i P. Olivier, ny 13 Aogositra : « ny fahafatesan'i Mompera Olivier dia niteraka fipoahana ara-piraisan-kina goavana be. Tsy mbola nisy tato amin'ny fianakaviam-be Montfortana ny fahazahoana hafatra maro be toy izao ». Mompera Reynaldo Bullas izay mitantana ny tranonkala "Montfortian.info" dia manana ny lisitry ny hafatra fampiononana sy fiaraha-miory avy amin'ny karazan'olona marobe isan-karazany. Nanoratra ny hafany izy ireo tamin'ny fampiasana ny adiresim-pifandraisana amin'io tranonkala io. Nilaza I Mompera Rey fa teo anelanelan'ny daty nahafatesan'I Mompera Olivier sy ny fandevenana azy, tena nihoatra be ny mahazatra ny olona nitsidika ity tranonkalam-pifandraisana iraisam-pirenena ity.*

*Fanampin'izay, tamin'ireo hafatra marobe izay miantefa mivantana amin'ireo Mpikambana amin'ny Filan-kevim-pitantanana Jeneraly sy ireo Mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra Provinsilin'ny Frantsa ary ho an'i Mompera Luizinho manokana, dia misy ihany koa ireo hafatra mivantana manokana amin'ireo rahalahy sy mpiara-miasa Misionera Montfortana, ho an'ireo Masera Zanakavavin'ny Fahendrena ary ny Freran'ny Saint-Gabriel. Ireo hafatra feno fitiavana ireo dia avy amin'ireo olona mahalala fa ireto Fikambanana anankitelo ireto no mamondrona ho Fiankaviana iray ihany ny Montfortana.*




*Tena nahasarika ahy be izay nosoratan'i* ***Frera Jean-Paul MBENGUE Assistant Général-n'ny Frera-n'ny Saint Gabriel : nanoratra hafatra ho ahy izy sy ho an'i Masera Antonella****. Eny, alefako amin'i Mompera Luizinho sy Mompera Reynaldo ny hafatra.*

*Tsy gaga aho satria Frera Jean-Paul sy Masera Antonella ary ny tenako no solontenan'ny Filan-kevitra Jeneralin'ny Fikambanana anankitelo-n'ny Fianakaviambe Montfortana izay niara-niasa tamin'ny fandaminana ny Fiofanana Iraisam-pirenena Montfortana (FIM).*
*Ity fivoriana ity no seha-piofanana iray mba handalinana sy hizarana ny fiainam-panahy Montfortana amin'ny alalan'ny fandraisana anjara fenon'ireo lahika Mpiara-dia amin'ny Fikambanana anankitelo.*
***Ary hatramin'ny nanombohan'ny FIM tamin'ny 2017 io dia voasokajy ho olona fanovozan-kevitra i Mompera Olivier.***





*Tao anaty hafatra nosoratan'i Frera Jean-Paul ny 10 aogositra 2021, izy izay mbola tany Espagne, nanao fitsidihana ny vondrom-piarahamonin'ny Frera tany dia nanoratra hoe:*

***«Handry am-piadanana sy hilamina anie izy! Mieritreritra aho, mieritreritra ary mieritreritra hatrany ! Masina ny Evanjely ! Masina ny fiainana amin'ny fanarahana an'i Kristy ! Raha ny lôjikan'ny Evanjely dia tsy hadalana, ka tsy fantatro hoe inona izany ny hadalana ? Eny, hadalana, kanefa hadalam-pitiavana izay tsy very araka ny fiheverana fa miasa manao zavatra. Mompera Olivier dia nifanaraka amin'ny tenany ihany. Nampianatra zavatra betsaka mikasika an'i Montfort sy ny fitiavany ny mahantra izy. Kanefa tsy nametra ny tenany ho amin'ny teny fotsiny izy».***

*Avy eo, ny 14 Aogositra, ny ampitson'ny fandevenana an'i Mompera Olivier, tany Espagne hatrany, nanoratra i Frera Jean-Paul mba haneho ny fihetseham-pony – solontenan'ny vondrom-piarahamonin'ny Frera izay nisy azy - rehefa avy nanatrika ny Lamesa fandevenana izay nalefan'ny KTO.*
*Nahazahoany alalana ary anatin'ny toe-tsaim-pirahalahiana Montfortana, ity hafatr'i Frera Jean-Paul ity dia azo vakiana etsy ambany. Misaotra, Frera Jean-Paul amin'ny fanehoana firaisan-kina, firahalahiana ary fifankatiavana ato amin'ny fianakaviambe Montfortana.*

**Arnold SUHARDI SMM, avy any Roma**











Miarahaba.
Tao La Aguilera (Aranda de Duero, Espagne) izahay ny Zoma 13/08/2021. Amin'ny 2ora fisakafoanana atoandro izao. Niezaka nisakafo haingana izahay satria amin'ny 2ora sy sasany ny Lamesa fandevenana an'i Mompera Olivier Maire, SMM. Somary nitebiteby kely ny amin'ny rohim-pifandraisana aho, nitsangana haingana aho sady nanasa ireo rehetra naniry hijery mba hanoratra fotsiny ny KTO ao amin'ny Google dia izay.

Misaotra an'Andriamanitra sy ireo rehetra mpikarakara ny fandevenana an'i Mompera Olivier Maire.

Tena mendrikaja, tena mampivavaka, tena mampihetsi-po. Sambany aho no nahita ny bazilikan'i Saint-Laurent-sur-Sèvre tao anatin'ity hazavana ity, mandrehitra ny jirony rehetra, mihaja sy tsara tarehy, kanto. Vahoaka re izany ! na dia miahiahy aza aho fa voatery tsy maintsy nanao vaksiny ny tsirairay. Fanomezam-boninahitra toy inona re izao, indrindra fa ho an'i Mompera Luizinho manokana ! Tsy maintsy niala imbetsaka aho mba hanasa ny tarehiko teo amin'ny koveta fanasan-tànana. Tena mendrika an'izao i Olivier.




KTO
DIRECT


KTO
DIRECT


KTO
DIRECT


EXPOSITION
MONTFORTAIN
MONTFORTAIN


KTO
DIRECT


KTO
DIRECT

Ireto ambany ireto dia teny vitsivitsy re teny an-databatra:
"Hetsika re izao! Mampitolagaga ilay izy".
"Tena vita tsara, tena tsara be"
"Misy heviny avokoa ny fihetsika rehetra, tsy nisy ny kisendrasendra"
"Tsy afaka manao tsara kokoa isika"
"Ary Frera Daniel amin'ny fahatsorany, manao akanjo fitondra amin'ny fanatanjahan-tena. Izy no fantatsika"
"Tsara ihany koa ny fijoroana vavolombelona nataony"
" Nanao tsara toy izany koa i Frera Yvan"
"Inona no azo lazaina momba ny fianakaviana mifamihina manodidina ny vatam-paty misy an'I Olivier".
"Teo koa ny Minisitry ny atitany, ilay Rangahy be volom-bava. Tsia, ahitsiko kosa, Minisitry ny Fitsarana sady mpitahiry ny fitombo-kasem-panjakana".
"Tsy diso anjara ny antokom-pihira, tena tsara tokoa".
"Hoy aho, somary lava ihany ny hira nandritra ny fanankinana ny fanahin'ny maty amin'Andriamanitra".
"Tena lafatra"
"Saika, mikorontana ny fanamafisam-peon'ny fahitalavitra isaky ny mandeha".

Dia toy izany, izy ity dia karazana fisaorana an'Andriamanitra tamin'ity tolakandro ity ho an'i Olivier mpanompony, ary koa amin'ireo zava-mahatalanjona izay tsy mitsahatara tanterahany. Isaorana mandrakizay anie ny Anarany. Ary handry am-piadanana anie ny fanahin'I Mompera Olivier noho ny Famindram-pony!
Mirary fety sambatra amin'izao fankalazana ny nampiakarana an'i Masina Maria any an-danitra izao.

**Jean-Paul ■**



**Témoignage**

# Mbola tanora i Olivier no efa nahavaky sahady ireo asasoratr'i Père de Montfort»



*Fifampizaràna avy amin'ny misiônera montfortanina iray izay nanaraka ny andram-piainan'i Mompera Olivier nandritra ny 42 taona*

**P. Pierre Bonhommeau, SMM, an'i Frantsa**

*Ity fifampizaràna ity dia avy amin'i Mompera Pierre Bonhommeau, pretra rahalahy montfortanina izay heverina fa nahafantatra akaiky tokoa an'i Mompera Olivier. Tsy olona nanaraka ny làlam-piofanana sy misiôna nataon'i Mompera Olivier ihany i Mompera Bonhommeau, Lehibem-pikambanana tao amin'ny Provinsin'i France tany aloha nandritra ny fe-potoana maro sady Mpanampy Jeneraly ny Misiônera Montfortanina, fa olona mpiray ankohonana matetika taminy ihany koa. Niara-nonina, nivavaka, niasa ary nihomehy izy ireo. Izany fifanakaikezana tao anatin'ny firahalahiana Montfortanina izany dia tsapa tokoa ato anatin'ity fifampizarana ity izay nosoratana tamim-pandinihana lalina mahakasika ny fiainana sy ny zava-bitan'i Mompera Olivier. Mazotoa mamaky!*

### Nomena alàlana haka fotoana tsara i Olivier mialohan'ny niroso tamim-pahafahana tanteraka

Tamin'ny taona 1977 dia nangataka tamiko i Mompera Anthime Caron, Lehibem-pikambanana teto France am-perin'asa, ny ho any Paris mba hiara-hiasa amin'ny fametrahana ankohonam-piainam-piofanana montfortanina iray eo amin'ny 80 rue de la Tombe Issoire, 14ème. Izany fandaminana izany no nisarika tsikelikely an'i Olivier alohan'ny nanapahany hevitra hiditra eny amin'ny fikambanana montfortanina. Araka izany dia handray anjara tamin-kahalalàhana tanteraka amin'ireo fotoam-pifampizarana nokarakarain'ity ankohonam-piainana misahana ny fomba fanavahana izay antson'Andriamanitra ity i Olivier sy haka izay fotoana ilaina amin'ny fifampiresahana manokana. Ny volana jolay 1981 dia nanokana fotoana izy ny hampahafantatra anay ny faritra fiaviany any Doubs. Nandray anay tamim-pitiavana ny fianakaviany.



## Fiorenam-paka ao amin'ny fianakaviana

Izany fiarahana amin'ny fianakaviana izany, eo anilan'ireo ray aman-dreny be fitiavana sy ireo zandriny kambana mirahalahy, Jérôme sy Stéphane, dia mitoetra mandrakariva, ho azy, toerana iray fiorenana amin'ny maha olona. Hainy ny nampiombona ireo fianakaviany tamin'ny misiôna nataony mba hampahafantarana ireo toerana sasany niainany tany Haïti sy Ouganda. Raha toa ka tany Haïti indrindra izy tamin'ny fotoana nisian'ilay horohoron-tany, ny 12 janoary 2010 iny, dia niandry efatra andro izahay vao nahazo fifandraisana voalohany avy taminy. Folo tamin'ireo pretra zandry rahalahinay no namoy ny ainy tamin'izany. Rehefa nahita azy teny amin'ny seranam-piaramanidina aho dia hitako fa tena nanamarika azy lalina ny namoizana ireo pretra zandry rahalahy izay niara-niaina taminy ireo. Nanan-kevitra tsara ny haka azy tany Paris moa ireo ray aman-dreniny mba hanodidina azy avy hatrany hafanam-pitiavan'ny fianakaviana. Nandritra ny fandevanana azy tany Saint Laurent dia mbola notsindrian'ireo ray aman-dreniny tamiko fa nangina hatramin'ny farany i Olivier momba ny zava-niseho tany Haïti iny.

Ny vavaka sy ny fitiavan'ny fianakaviany no nahafahan'i Olivier indrindra nanamafy orina ny fatokisany ny Fiainana.

## Fanohanan'ny Fiangonana misiônera

Ny fanarahana tanora iray eo an-dàlam-pahafantarana izay antson'Andriamanitra ao aminy dia ilàna fiaraha-miasa amin'ireo ambaratonga isan-karazan'ny Fiangonana. Nandray anjara izy tamin'ny asa fiahiana ara-panahy ny oniversiten'i Besançon notarihan'i Mompera Jean-Pierre Grallet, izay lasa arsevekan'i Strasbourg ny taona 2007 hatramin'ny 2017.

Nampiandraiketan'ny paroasy St Pie X ao Besançon ny fampianarana ny katesizy taona voalohany ho an'ny ankizy izy. Tamin'ny fahatongavany tao Paris ny taona 2004 dia nivoatra hatrany izany firotsahany izany tao amin'ny paroasin'ny Notre-Dame du Rosaire, boriboritany faha 14. Nankasitrahan'ny ekipan'ireo lahika niara-niasa taminay tokoa ny fisiany sady mavitrika no mangina.
Nisy rafitry ny fiangonana teo an-toerana ihany koa nahafahantarany ny maha zava-dehibe ny fihainoana am-pahatsorana ny namana. Ny Action Catholique des Enfants (ACE) no hitondra azy amin'ny famakiana indray ny andram-piainan'ireo tanora avy amin'ny toerana tiam-bahoaka izay nanaiky ho iray ekipa. Izany fihainoana am-pitiavana izany no hahafantaran'i Olivier izay zavatra nandrasana sy ny soatoavina niainan'ireto tanora ireto. Ny fihaonana matetika tamin'ireo tompon'andraikitry ny ACE, hoy izy tamiko, no nahitàny fa ny misiôna dia manomboka eo amin'ny fihainoana maharitra sy mangina ireo olona mihaona amintsika, làlan'ny fahatongavana nofo izay niainan'i Jesoa hatramin'ny faha 30 taonany tao Nazareta.

### Fisokafana amin'ny Firahalahiana tsy misy Famaritana, amin'ny fifehezana karazam-piteny

Raha tsikaritra ny hamoran'ny fampitàn'i Mompera Olivier ny hafatra napetrak'i Père de Montfort tany amin'ireo ankohonam-piainana maneran-tany dia noho izy havanana amin'ny fitenenana anglisy, italianina, créole ary allemand koa aza.

Noho izy tsy mba nianatra ny fiteny anglisy tany am-pianarana dia voatery nanomboka tamin'ny ambaratonga ambany indrindra. Nandritra ny dia nataony tany USA, ny volana aogositra 1978, dia afaka nisitraka fiofanana voalohany tao amin'ny sekoly fianarana fiteny vahiny tany New-York nandritra ny 15 andro izy.

Raha niara-niaina izany andrana izany taminy aho dia hitako fa nifantoka avy hatrany tamin'ny fisian'ilay ankohonam-piainana avy any Haïti, izay notsidihany isaky ny faran'ny herinandro, ny ivon'ny fitiavany.

Ankoatran'izay, noho ny fanomanana ireo fanadinana tamin'ny fiteny grika sy hebrio, araka ny takian'ny oniversite tantanan'ireo Zezoita tao amin'ny Centre Sèvre, Paris, dia nametraka ho voalohan-toerana ny fiainana ara-pirahalahianan'ny ankohonam-piainana amerikanina izay tsara fandraisana manokana i Olivier nandritra ity fiofanana fiteny anglisy voalohany ity. Mazava ho azy fa noho ireo iraka isan-karazany nataony dia haka fotoana ihany izy ny hianatra sy hifehy ny fiteny anglisy sy italianina. Raha ny fiteny créole kosa dia hihaino ireo ankizy avy any Haïti izy, ankizy izay nampianatra azy nandritra ny Service de Coopération natolotry ny fanjakana frantsay nasolo ny fanompoana miaramila.




### Maha zava-dehibe ny hatsikana ao amin'ny fiainan'ny ankohonana

Mba hahamora ny fiainana ao amin'ny ankohonana dia tsara kokoa ny fahafahana miara miala voly. Ny fotoam-pialan-tsasatra dia nahafahanay foana nihaona ivelan'ny seha-piainana mahazatra. Nandritra ireny fiarahana andro vitsivitsy ireny dia tsy nisy izay tsy nandalovan'ny maso tia sangy tafahoatran'i Olivier.

Toy izany koa, noho ny fitiavany mampihomehy ihany dia hain'i Olivier ny mametraka tsara amin'ny toerany ny asa pastoraly niandreketany amin'ny fisorohana izay fandrika avy amin'ny tenin'ireo pretra rahalahy manan-toetra manokana.

Nahavariana ahy mandrakariva ny nandraisany ireo fitondran-tena na teny nataon'ny andaniny sy ankilany tamim-pahatsorana. Nahatsara ny rehetra izany ary nahafahanay niala tamin'ireo "toetra niraiki-tampisaka" hatramin'ny faha kely. Ireo tadidiny izay tsy mbola namadika azy dia mbola nahafahanay nanafana ireo resaka nifanaovanay tamin'ity taona 2021 ity.




**Fiarahana amin'ireo namana anatin'ny fotoan-tsarotra**

Vao teny am-piandohan'ny fiofanany dia efa nentanina i Olivier mba hamonjy, mandritra ny iray volana, ny rafitra misy ireo olona be taona mba hirotsaka ho anisan'ny ekipan'ny mpikarakara azy ireny. Tamin'ny fahaiza-manao no nanatanterahany ireo asa fikarakarana sy fanadiovana nangatahina ho an'ny fahatsaran'ireo olona mijaly. Raha nifarana ity asa ity dia ny ekipan'ireo mpikarakara indray no naneho faniriana hitazona azy miaraka aminy. Tena nanana traikefa lehibe tamin'ny fanadiovana tokoa mantsy i Olivier.

Izany fiarahana amin'ireo zoky olona izany dia nampaharitra an'i Mompera Olivier teo anilan'ireo pretra montfortanina rahalahinay nandritra ireo fandalovany tany St Laurent. Hataony hatramin'ny fiaretan-tory miandry izay pretra rahalahy marary mafy ambavahoana mihintsy aza. Nandritra ny fihanaky ny aretina COVID ireny dia notendreny hanatanteraka ny fanasana ireo fitaovam-pihinanana ny ankohonam-piainana iraisam-pirenena.

Naneho ny fanakaikezany an'ireo tanora avy any Ouganda voafonja ihany koa izy. Novangiany matetika izy ireny ary niombom-piainana taminy hatramin'ny fanekena ny hanidina azy ao am-ponja miaraka aminy mandritra ny famangiana. Mba ahafahany mivoaka anefa dia tsy maintsy miantso ireo mpiambina ihany izy miaraka amin'ny fahatahorana, hoy izy tamiko, ny ho adinon'ireto farany ao am-ponja ao noho ny habetsahan'ny asa sahaniny.



Izany no nahatonga ahy nilaza taminy indraindray hoe: «Olivier, miara-belona amin'i Père de Montfort tokoa ianao»



## Fandalinana ny aim-panahin'i Père de Montfort

Mbola tanora i Olivier no efa nahavaky sahady ireo asasoratr'i Père de Montfort. Mba ho mora ho azy ny fandraisana amin'ny endriny hafa ny làlana nizoran'i Père de Montfort dia nasaina izy mba hipetraka mandritra ny volana maromaro tany amin'ny Foyer Charité tany Tressaint. Tao amin'io toerana io dia nisitraka fiainan'ankohonana nirindra niainga avy tamin'ny aim-panahin'i Père de Montfort izy.
Nandritra izany koa no nahafahany nitsidika tao anatin'ny fotoana fohy ireo ankohonam-piainana misy ny pretra rahalahy zoky olona mila fanarahana eo amin'ireo misiônera montfortanina amin'ny fampisehoana azy ireo ny karazan'endrika isehoan'ny aim-panahy montfortanina.
Nahafinaritra an'i Mompera Olivier ireo Rencontres Européennes de la famille Montfortaine (REM) tany Espagne sy Marseille. Tamin'ny 17 jiona 1992 hatramin'ny 18 aogositra 1992 ihany koa dia nandray anjara tamin'ny Séminaire International Montfortain (SIM) tany St Laurent izy.
Mahafantatra daholo ny fitiavan'i Mompera Olivier an'ireo toerana manan-tantara nanatanterahan'i Père de Montfort ny misiônany avokoa isika. Zarainy matetika amin'ireo tanora an-dàlam-piofanana taty France izany. Ny programa « Aller sur les pas de Montfort » sy ny fampitsidihana ny « Maison longue » ao Saint Laurent dia fotoana sarobidy manokana fanararaotan'i Olivier mba hizarany ny fifikirany amin'i Père de Montfort. Izany no nahatonga ahy nilaza taminy indraindray hoe : « Olivier, miara-belona amin'i Père de Montfort tokoa ianao ».
Ary manomboka izao, na eo aza ny fahasarotany hamaly ireo taratasy voarainy, dia afaka miombona aminy ao anatin'ny vavaka isika. Hahalàla hihaino ireo fangatahantsika sy ireo faniriantsika izy ankehitriny satria ho loharanom-pitiavana ny zava-drehetra ho azy. **An'i Jesoa manontolo amin'ny alàlan'i Maria.** ■

**Asa fitoriana**

# FISOKAFAN'NY IRAKA MONTFORTANINA Diosezy ECATEPEC, Mexique

**Nosoratan'i Arnaud KWIZERIMANA, avy any Roma**




*Tamin'ny fetin'ny Fampiakarana an' i Masina Maria vatana sy fanahy any an-danitra , ny 15 Aogositra 2021 , nisokatra tamin'ny fomba ofisialy ny iraka vaovao an'ireo misionera Montfortanina , ao amin'ny diosezy Ecatepec , Mexique . Noho izany antony izany , misionera 3 no hiasa ao amin'ity Diosezy ity nanomboka ny Alatsinainy 09 Aogositra , daty izay nahitana ny nofo mangatsiaka an'i Mopera Olivier nisy namono tao Saint Laurent-sur Sèvre , Frantsa .Ny aim-panahy sy ny antso Montfortanina ( relijiozy sy lahika) hita taratra amin'ity fisian'ity iraka montfortanina vaovao ity.*



**Ecatepec, MEXIQUE** – P. Luiz Augusto Stefani, Supérieur Général nanome fanamby an'ity iraka ity , tamin'ny fiatomboan'ny fotoam- pitondrany , nanomboka tamin'ny fivoriana ny Conseil Général ny fikambanana Compagnie de Marie ny 24 Septembre hatramin'ny 06 Oktobra 2017 tao Saint Laurent-sur-Sèvre,Frantsa. Ao anatin'ny tatitry ny fivoriana ,mivaky toy izao « Nampafantarina koa fa hanorina tetikasa vaovao ny  Administration Générale any amin'ny firenena hafa toy Vietnam , Corée , Mexique, …sns … »

Mba hafahana manantanteraka ity drafitra ity , mpiara- miasa 3 no nasaina ho lasa ekipa hanao fitsidihana any Mexique mba hijery sy haka ny vaovao mety ilaina amin'ny fanatontosana ny tetikasa . Mopera TABARES BUILES, SMM, Mopera  Harry Antonio FLORES MORALES, SMM et du Frera Jean Désiré RAKOTONANDRASANA. Niaraka tamin'izany , betsaka ny rafitra montfortanina namatsy vola amin'ity fitsidihana sy  iraka ity .



Ny fitsidihana nataon'ny ekipa efa vita talohan'ny volana May 2018 .Anisan'ny diosezy notsidihan'izy ireo ary naneho ny fahafahany mandray ny misionera Montfortanina ny diosezy Ecatepec . Ny Eveka an'ity diosezy Mgr Oscar Roberto DOMINGUEZ COUTTOLENC, M.G. (Misionera avy any Guadalupe), niezaka nahafantatra inona no ataony ary iza ireto misionera Montfortanina. Rehefa azony ny aim-panahy ity Fikambanana , dia naneho ny finiavany hanohy ny fifampiresahina ara-pirahalahiana mba hahafahany mandinika ny mety ho fisian'ny misionera Montfortanina ao amin'ny diosezy iasany. Mgr Roberto nampian'i Mopera Leonardo Barragán Solís ( vikera pastoraly) ary Mopera Luizinho mpanampy an'i Mopera Wismick ( Vikera jeneraly) no nanantanteraka fifanakalozana sy fihaonana (ara-pifandraisan-davitra) mba hahatanteraka ny fisian'ireto misionera ireto eto Mexique.

«*Rehefa azony ny aim-panahy ity Fikambanana , dia naneho ny finiavany hanohy ny fifampiresahina ara-pirahalahiana mba hahafahany mandinika ny mety ho fisian'ny misionera Montfortanina ao amin'ny diosezy iasany*»



Ny dingana lehibe mahakasika ny fandinihana dia ny fivorian'ny Conseil Général Extraordinaire (CGE) izay notanterahina , tamin'ny alalan' ny Zoom , ny 1 May hatramin'ny 9 May 2021. Nandritra io fotoana io , Mopera Wismick JEAN-CHARLES no nitondra ny fampanfatarana tamin'ny mpandray anjara ny fivoaran'ny fandinihana ho an'ny fisian'ny misionera any Mexique.

Ny andro faran'ny fivoriana , nanantanteraka fifidianana ireo lohahevitra maro ary anisan'izany ny mahakasika ny iraka ao Mexique. Rehefa nifarana ny Conseil Général Extraordinaire (CGE) ny 17 May , nanoratra ho an'ny « Supérieurs des Provinces, Vice-Provinces et Délégations Générales » **Mopera Luizinho nampatsiahy izay noresahina nandritra io fivoriana io. Mahakasika an'i Mexique, nanoratra Mopera Luizinho saika ny ankamaroan'ireo lehibe- pikambanana dia nanaiky ny fanohizana ny « fiorenam-paka any Mexique ».**








Tao aorinan'izay , ny 26 Jolay 2021 , Nanoratra ho an'i Mopera P. Gonzalo TABARES BUILES, SMM, au P. Harry Antonio FLORES MORALES, SMM ary Frera Jean Désiré RAKOTONANDRASANA, SMM I Mopera Luizinho nisaotra azy ireo noho ny ezaka nataony sy ireo tsara ho fantatra nangoniny izy ireo ary ny fankaherezana nataony izy ireo.

Nanampy betsaka ny Administration Générale tamin'ny fanapahan-keviny noraisin'izy ireo niaraka tamin'ny fanohanan'ny Conseil Général Extraordinaire. Nambaran'i Mopera Luizinho ihany koa tamin'izy 3 lahy ny fisian'ny misionera Montfortanina manomboka ny 15 Aogositra, fankalazana ny fampiakarana an'i Masina Maria any an - danitra, tao Katedraly Ecatepec ao Morelos. Nambarany tamin'izany koa fa hisy ekipa ho avy ahitana an'i . José Luis SANDOVAL ROMERO, P. Love JOSEPH et P. Francesco CASTRIA. Nambarana tamin'izy 3 lahy koa fa araka ny efa nandaminana, hotarihan'ny Eveka ny d'Ecatepec, Mgr Oscar Roberto Domínguez Couttolenc, M.G ny Eokaristia Masina fanokafana ny iraka Montfortanina any Mexique.



Ny 27 Jolay ihany koa , nanoratra taratasy hafa Mopera Luizinho. Tamin'ity kosa indray dia ho an'ireo lehibem-pikambanana montfortanina rehetra . Ny votoatiny dia mampanfantatra fa ny 15 Aogositra «  Hisokatra amin'ny fomba ofisialy ny fisian'ny misionera Montfortanina ao amin'ny diosezy Ecatepec, Mexique » Nambarany fa hisy dingana 2 mandritra ity fotoan-dehibe ity : voalohany , fankalazana ny Eokaristia Masina ao amin'ny Katedraly ny maraina ; ary ny faharoa amin'ny 5 ora hariva fivahinianana Masina ao amin' ny "Sanctuaire de Notre-Dame de Guadalupe izay hanakinana amin'I Virjiny Masina ity fototra vaovaoity".





Rehefa vita ny fanokafana amin'ny fisian'ny iraka Montfortanina ny 15 Aogositra , ireo misioneratsika mpamaky lay 3 lahy hivavaka sy hiaraka handinika amin'ny Mopera Jorge Enrique GONZÁLEZ VÁSQUEZ, Provinsialy ant Colombie ,mandritra ny « herinandro fandraisana sy fandaminana asa »amin'ity iraka izay efa manomboka . Hitsidika paroasy Saint Martin de Porrès izay eritreretin'ny diosezy ankinina amin'ny misionera Montfortanina ny fitantanana azy . Rehefa vita ny fotoana hametrana ny fandaminana dia tapaka fa Mopera Francesco no Pretra tompon-paritra ; Mopera José Luis no lehiben'ny Fikambanana ary Mopera Love JOSEPH no ekonoma ny Fikambanana . Araka ny fandaminana , ny alahady 22 Aogositra , hisy ny famindram-pahefana miaraka amin'ny tompon-paritra teo aloha.




San Luis María Grignion de Montfort
(1673-1716)



Rehefa vita izay , manomboka miara dalana amin'ny Kristianina ao Paroasy ny ekipa hampiroboroana ny Fiangonana ao Ecatepec.

Ao anatin' ity fisian'ny misionera any Mexique ity , tsara ho fantatra fa ny 14 May no nanangana ny ivon-toerana diosezianina ho an'ny Diosezin'ny Tampico Mexique , ny an'ny Fikambanana Marie Reine des Cœurs. Mopera Joël Alanís Tinoco no Ray am-panahy ary Mopera Juan José Aguilar Fabián no mpanampy azy.

Mielanelana 459 Km ny diosezin'ny Tampico sy Ecatepec , izany hoe lalana adiny 6 amin'ny fiara. Ramatoa Juana Margarita Flores Orduña no mpandrindra ny Fikambanana ao Tampico , ary nanatrika ny fankalazana ny 15 Aogositra tao Ecatepec. Izy no nandefa ny sarin'ny fankalazana rehetra aty amin'ny gazetintsika. Ramatoa Magarita nanoratra tamiko tamin'ny Whatsapp : « Ireo pretra dia faly tamin'ny Evekanay eto Ecatepec . Mino fa ho tsara ny iraka. Ary ireo Pretra tonga samy be fitiavana avokoa »

Ny fisian'ny iraka misionera ao amin'ny Diosezy Ecatepec no porofo fa tsy vitan'ny Covid 19 ny nanakana ireo drafitra rehetra sy finiavana nisy . Ny Fanahy Masina , Fanahy misonera , niasa . Misaotra ireo misonera 3 lahy izay nanokatra ity lalan'ny Vaovao Mahafaly ao Mexique ity. Misaotra an'i Mgr Oscar Roberto, ireo Pretra sy Kristianina ao amin'ny diosezy Ecatepec noho fahafahany sy ny fandraisany ireo misionera .

Tsy azo adinoana , ireo lahika sy Fianakaviam-be Montfortanina izay mandray anjara amin'ny « Rosaire latino-américain » izay miara mivavaka isaky ny alahady amin'ny alalan'ny Zoom. Io vondrona io no tsy nitsahatra nivavaka mba hisian'ny misonera any Mexique .

Notre Dame de Guadalupe, Md Joseph, Md Louis-Marie de Montfort ary ny Olontsambatra Marie-Louise de Jésus nivavaka ho antsika tamin'ity iraka tsara ity. Mopera José Luis, Mopera Francesco ary Mopera Love , mankasitraka ! ■



**Fizarana misiônera**

# TETIKASA FISOTROAN-DRANO MADIO

**Mopera Aloi BANGGUR, Kiunga, PNG**



*Mopera Aloi , izay nanoratra ity lahatsoratra ity , no lehiben'ny Fikambanana Misionera Montfortanina ao Papouasie Nouvelle Guinée (PNG) . Ny hafanan-po ananany mba hanatsara ny fiainan'ireo Kristianina mipetraka amin'ny sisin-drano «Fly River» no nanosika azy hanao tetikasa ho azy ireo, sady mitazona ny iraka mba hanentanana ny Fikambanana, ohatra amin'izany ny fampiofanana ireo kandida ary fifampizarana ny aim-panahy montfortanina miaraka amin'ireo Associés.*



**Kiunga, PNG** - Rehefa nipetraka efa 40 taona tamin'ny sisin-drano « Fly » iray manasaraka ny sisin-tany Papouasie-Nouvelle-Guinée sy Indonésie , vao nahazo rano fisotro madio ireo mpitsao-ponenana Papouasie occidentale ao Indonésie , ho an'ny filan dry zareo andavanandro , toy ny fisotrona sy fandrahoana sakafo.

Ny renirano »Fly » dia renirano , fanarian'ireo Orinasa mpitrandraka Cuivre sy volamena ireo loto feno pozina ampiasain dry zareo , saika efa tsy misy aina intsony ity renirano ity noho izany. Nandritra ny 30 taona ireo Orinasa ireo no nanary poizina tao amin'ity renirano ity.

Amin'ny maha Pretra tompon-paritra ny Paroisse St Gérard , izay Katedraly ny diosezy Daru-Kiunga, nentanina aho hanao soson-kevitra amin'ny « Fonds d'incitation » «Australian Aid» hanampiana mba hananganana fanangonan-drano ho an'ny tanana 7 misy ireo mpitsao-ponenana . Misaotra an'Andriamanitra , nahazo fankatoavana ny fangatahana fanampiana . Nanomboka niasa izahay. Tao anatin'ny 3 volana , izaho niaraka tamin'ny ekipa paroasialy no nahavita ny tetikasa.

Rehefa hita ny vokatra dia faly ny olona afaka mampiasa rano madio , ary nisaotra ny misionera montfortanina izy ireo tamin'ny ezaka sy ny asa nataony nahafahany nahazo rano fisotro madio.



Ny faran'ny volana Jolay 2021 , nitsidika ireo tanana aho. Tamin'ireo faritra rehetra , rehefa nitso-drano ireo loharano aho sy fanangonan-drano , niara nandihy ary nanolotra ahy fanomezana tamin'ny endrika kitapo sy akoho ny mponina . Ny akoho tena ilaina hanatsarana ny sakafo amin'ny ankohonan-piainanay, rehefa vita ireo andro firavona sy famangiana.

Ankoatry ny fitsofan-drano ireo fitoeran-drano , nandritra ny famangiana ireo tanana ireo , nankalaza ny Eokaristia Masina izahay sady nanao batemy ankizy 32, nitsodrano mariazy tokantrano 5 ary Komonio voalohany ho an'ny tanora 22. Tena andro fety tokoa .









Azoko ambara fa ny asa fanompoana ho an'ireo mponina amin'ny sisin-drano "Fly" mila hery misionera , ho an'ireo mpisava lalana, satria ny elanelana misy eo amin'ireo tanana mifanalavitra ary tsy tonga eny an-toerana raha tsy mampiasa « moteur hors-bord » tsy misy arabe na lalana. Ireo misionera voatendry amin'ity toerana ity tsy maintsy misionera mahery sy vonona hiatrika izay sakana rehetra eny an-dalana. Manompo mponina izay miaina anaty ala , mitokana , indrindra miaraka amin'ireo tsaho avy any amin'ny tanan-dehibe, ary tena foto-pivelomany ny jono syn y haza anaty ala…







Rehefa vita ny asako teo amin'ireo mponina miaina anaty ala, ny 30 Jolay aho , nihazo ny renivohitra ity firenena ity aho , Port Moresby, satria ny 1 Aogositra , skolastika 3 no hanavao ny voadiny : Bienvenu , Majoric ary Michel. Tao amin'ny Paroasy Morata no nanatanterahana ny fotoana niaraka tamin'ny fanohanan'ireo Kristianina , Associés montfortanina , ny Pertra tompon-paritra Mopera Moko . Misaotra an'i Mopera Roy sy Frera Nirina tamin'ny fanofanana nomen'izy ireo tao amin'ny Maison Montfortaine Bomana.





**Tamin'io fotoana io, afaka nihaona manokana tamin'ireo mpikambana ao amin'ny Associés Montfortanina mba hihaino azy ireo sy hankahery azy hiaina ny fiainana iraka sy fiainan-panahy izay natolotry Montfort azy.**

Ho an'ny Mpamaky, mirary asa sambatra , miombom-bavaka miaraka amin'I Mopera Montfort. ■



**Vaovao**

# «TTJ – Grotte»

**Avy amin'i Dola Dhanush, any Roma**

*Nanomboka tamin'ny alahady 25 jolay 2021 no nisantaran'ny « ankohonam-piainana filipianina », izay mpivory sy mpankalaza Sorona Masina ao an-jaridainan'ny « Maison Généralice » -n'ny Misiônera Montfortana ao Roma isaky ny alahady, ny fiomanana ho amin'ny fanokanan-tena ho an'ireo mpandray anjara liana amin'izany.*

**Rome, ITALIE** - Ilay hevitra mahakasika ny fiomanana dia fanirian'i P. Reynaldo Bullas Jr., SMM, izay mpitantana ara-panahin'ity ankohonam-piainana ity ihany sy mpiandraikitra ny fifandraisana eo aminy sy ny « ankohonam-piainan'ny «Généralat». Nizara ny faniriany tamin'ireo rehetra avy ao amin'ity «ankohonam-piainana filipianina» ity izy. Ka vokatr'izany dia olona mahery ny roapolo teo no naneho ny sitrapony hanaraka ny fiomanana hirosoana amin'ny fanokanan-tena.



Maro ny zavatra nazavaina nandritra ny fivoriam-panokafana, ohatra : inona no atao hoe fanokanan-tena ary inona ny tanjony, ny fomba fiomanana hirosoana amin'ny fanokanan-tena, inona avy ireo boky ampiasaina, inona ny fomba fitarihana ampiharina, iza i Louis-Marie de Montfort izay anisan'ireo nampivoatra ity fanokanan-tena ity tato amin'ny Fiangonana. Ankoatran'ireto savalàlana ireto dia maro koa ireo fomba fanao noresahina mba hampiadana kokoa ireo mpandray anjara mandritra ny fiomanana hirosoana amin'ny fanokanan-tena izay hatombok'izy ireo tsy ho ela. Nisy vondrona Whatsapp – « TTJ – Grotte » mihintsy aza noforonina mba hanamafisana ny fifandraisan'ireo samy mpikambana ary mba hanaparitahana tsara ihany koa any amin'ireo mpandray anjara rehetra ny fitaovana ilaina amin'izany fiomanana izany.




« TTJ – Grotte » no niantsoana ity vondrona ity satria ny boky ampiasaina mandritra ny fiomanana hirosoana amin'ny fanokanan-tena dia ilay boky nosoratan'ireo Mompera Claude Sigouin sy Mario Belotti : « Totus Tuus, un chemin marial vers le Christ Sagesse ». Koa ny dikan'ny hoe « TTJ » ary dia « Totus Tuus Journey » izay manambara ireo dingana ara-panahy na fandinihana anaty atao ao amin'ny fanaovana ny fanokanan-tena amin'i Jesoa amin'ny alàlan'i Maria. Manaraka izany, ato an-jaridainanay dia misy lavabato na « Grotte » an'i Notre-Dame de Lourdes izay namboarina nandritra ny fe-potoana naha Lehibem-pikambanana maneran-tany an'i Mompera Santino Brembilla. Manoloana io lavabato io no misy ny lay fivorian'ny « ankohonana filipianina » matetika. Alofan'ny hazo midoroboka ity lay ity ka mahafinaritra ery ny mipetraka ao rehefa lohataona.

Eo ambanin'ireo hazo ma8ka ireo no mamarana ny fivoriana fanaony isan-kerinandro izay mpandray anjara amin'ny fiomanana amin'ny fanokanan-tena eo am-pankafizana ny « Halo-halo ». Inona moa izany ? Manome ny fanazavana ny aterineto ka milaza fa ny « Halo-halo », azo soratana hoe « haluhalo » ihany koa, dia teny « tagalog » izay midika « fifangaroana ». Raha ny marina kokoa dia « tsindrin-tsakafo mangatsiaka malaza tokoa any Philippines izy ity ary vita amin'ny rano mangatsiaka mivaingana voatoto, rononо nampangotrahina na ronono mandry, ary karazana akora toy ny « pois de senteur », potika voanio, « sagou », « taro » nampangotrahina voatetika na potika voankazo notehirizina… ».

*«Ilay hevitra mahakasika ny fiomanana dia fanirian'i P. Reynaldo Bullas Jr., SMM, izay mpitantana ara-panahin'ity ankohonam-piainana ity ihany… »*





Raha ny hita dia mampazoto tokoa an'ireo mpandray anjara ity fiomanana hirosoana amin'ny fanokanan-tena ity. Mahatsapa fiadanana eo anivon'ny fianakaviana sahady izy ireo ao amin'ity ankohonam-piainana filipianina ity ary vao maika mihamafy orina izany noho ny fiainan'izy ireo làlam-panahy iray ihany.

Raha mizotra tsara ny zava-drehetra dia amin'ny alahady 12 septambra 2021 no hanaovan'izy ireo ny fanokanan-tenany.

Mirary fiomanana tsara ! Masindahy Louis-Marie de Montfort, mivavaha ho anay rehetra. ■





*« Cette dévotion est un chemin aisé, court, parfait et assuré pour arriver à l'union avec Notre-Seigneur, où consiste la perfection du chrétien » (VD 152)*

**Fanazavana ara-baiboly**



# « Vohay varavarana i Jesoa Kristy »

**Avy amin'i Pierrette MAIGNÉ**

**19 SEPTAMBRA 2021**
**Alahady faha 24 Mandavantaona – Taona B**

**Évangile de Jésus Christ selon saint Marc (9, 30-37)**

*En ce temps-là,*
*Jésus traversait la Galilée avec ses disciples, et il ne voulait pas qu'on le sache, car il enseignait ses disciples en leur disant :*
*« Le Fils de l'homme est livré aux mains des hommes ;*
*ils le tueront et, trois jours après sa mort, il ressuscitera. »*
*Mais les disciples ne comprenaient pas ces paroles et ils avaient peur de l'interroger.*

*Ils arrivèrent à Capharnaüm, et, une fois à la maison, Jésus leur demanda : « De quoi discutiez-vous en chemin ? » Ils se taisaient, car, en chemin, ils avaient discuté entre eux pour savoir qui était le plus grand.*

*S'étant assis, Jésus appela les Douze et leur dit :*
*« Si quelqu'un veut être le premier, qu'il soit le dernier de tous et le serviteur de tous. » Prenant alors un enfant, il le plaça au milieu d'eux, l'embrassa, et leur dit : « Quiconque accueille en mon nom un enfant comme celui-ci, c'est moi qu'il accueille. Et celui qui m'accueille, ce n'est pas moi qu'il accueille, mais Celui qui m'a envoyé. »*



Ato amin'ity andininy nosoratan'i Marka atolotry ny litorjia antsika ity amin'izao alahady faha 24 mandavantaona izao dia hita miavaka tsara ireo teny roa nolazain'i Jesoa izay navondron'i Marka. Toa tsy misy ifandraisany izy ireo kanefa ny misterin'ny Paka manontolo no voalaza ao sy ny fomba iainana izany eo am-panarahana an'i Jesoa.
Manambara ny fijaliany sy fahafatesany fanindroany i Jesoa : hatolotra ny Zanak'olona ; olombelona tokoa no hanolotra an'i Jesoa amin'ireo manam-pahefana romana : Jodasy sy ireo lohandohan'ny mpisorona fa amin'izay no ahatanterahan'izy ireo ny fikasàn'Andriamanitra mifono mistery izay, amin'ny alàlan'ny fahafatesan'ny Zanany eo amin'ny Hazofijaliana, hanehoany amin'ny olombelona hoe hatraiza ny fitiavany azy. Fitiavana mahatoky no havalin'Andriamanitra an'Israely izay matetika mivadika amin'ilay Fanekem-pihavanana : tsy misy fitiavana lehibe indrindra mihoatra ny manolotra ny ainy ho an'ny hafa.

Tsy mahazo izany anefa ny mpianatra, tsy toy izany ilay mesia andrasan'izy ireo ; ny fitsanganan'i Jesoa amin'ny maty sy ny fahatongavan'ny Fanahy Masina ihany no ahafahan'izy ireo hiditra amin'ny fahafantarana izay fikasan'Andriamanitra sy ny ho tonga iraka sy vavolombelon'izany.



Manaraka ity fanambarana ity, toy ny taorian'ilay voalohany, dia manome fampianarana ny mpianany i Jesoa : ny fomba atao mba hanarahana Azy, izany hoe ny tena ho mpianatra. Efa nilaza izany Izy taorian'ny fanambarana voalohany tao amin'ny Marka 8, 34.

Ho amin'ny fanetren-tena no iantsoan'i Jesoa ny mpianany fa tsy ny handrobaka ireo toeram-boninahitra ; ny mpianatra dia izay manao toy ny mpampianatra : aoka ho tsaroantsika ilay fihetsika farany nataon'i Jesoa tamin'i Masindahy Joany tamin'ny fanasana tongotra. Ny manaraka an'i Jesoa dia ny ho mpanompo.

Hanehoany ny teniny ity fihetsika nataon'i Jesoa ity : ny fametrahany ilay zaza eo ampovoany. Fihetsika izay tsy nifanaraka tamin'ny fomban-drazana tamin'izany andro izany, tsy nasian-danja loatra ny zaza ; tadidio ilay fotoana nanakanan'ny mpianatra ireo zaza sy nanasàny azy hanalavitra an'i Jesoa.

Ny zaza dia endriky ny mahantra, ny voahilika, ilay arian'ny fiaraha-monina, ilay tsy mba asiana lanjany ; ampianarin'i Jesoa amin-kery ny mpianany fa ny mandray azy ireny dia mandray an'i Kristy.

**Nahazo izany tsara i Masindahy Louis-Marie ary nampihariny nandritra ny andro niainany raha nilanja ilay mahantra tao an-damosiny izy sy niteny mafy hoe: « Vohay varavarana i Jesoa Kristy ».**

**Ny ampitson'ny nandevenana an'i Mompera Olivier Maire aho no nanoratra ity lahatsoratra ity, izay maty novonoin'ilay mahantra noraisiny amin'ny maha mpianatra mahatoky azy an'i Masindahy Louis-Marie sy Jesoa Kristy : martirin'ny fitiavana.** ■